Marary ve ny Dadanao na ny Neninao?

Raha marary efa ela ny dadanao na ny neninao, dia hanampy anao ity fampiasana ity mba hahay hikarakara azy sy hikarakara ny tenanao.

1 KARAKARAO **IZY**



Inona ilay aretiny?

_____

Inona daholo no lasa tsy vitany?

_____

_____

_____

Inona no zavatra tsy vitany ka azonao anampiana azy?

ZAVATRA TSY VITANY	NY AZONAO ATAO

www.jw.org © 2016 Watch Tower Bible and Tract Society of Pennsylvania

Jereo hoe inona avy ny raharaha azonao atao

Inona no azonao atao mba tsy ho kivy be ny dadanao na ny neninao?

_____

_____

_____

Soso-kevitra

“Miaraha ory” amin’ny dadanao na ny neninao. (1 Petera 3:8) Eritrereto hoe inona no iaretany amin’izy marary izao. Hoy ny ankizivavy iray atao hoe Ellen: “Maromaro ireo zavatra niavaka nitranga tato ho ato teo amin’ny fiainako, nefa tsy afaka nanatrika an’ireny i Neny. *Tena nalahelo aho fa tsy afaka izy, nefa fantatro hoe izy koa aza mba nalahelo be.”*

www.jw.org © 2016 Watch Tower Bible and Tract Society of Pennsylvania

2 KARAKARAO NY **TENANAO**

“Nisy fotoana aho niandry an’i Neny elaela tany amin’ny hopitaly, dia nisy fotoana koa aho irery tato an-trano. Rehefa nody amin’izay i Neny, dia mbola nihinana fanafody mampitony fanaintainana izy, ka tsy nahavita zavatra hoatran’ny taloha intsony. Tena nandreraka be an’ahy àry ny nikarakara azy.”—Gregory.

Inona no hitanao hoe tena mafy *aminao,* rehefa mikarakara an’ny dadanao na ny neninao?

_____

_____

Inona no azonao atao mba tsy ho reraka loatra ianao?	Inona no azonao atao mba tsy ho kivy be ianao?	Inona no azonao atao mba hatanjaka foana ny finoanao?
ZAVATRA TOKONY HATAO:	**ZAVATRA TOKONY HATAO:**	**ZAVATRA TOKONY HATAO:**
ZAVATRA TSY TOKONY HATAO:	**ZAVATRA TSY TOKONY HATAO:**	**ZAVATRA TSY TOKONY HATAO:**

www.jw.org © 2016 Watch Tower Bible and Tract Society of Pennsylvania

MITADIAVA FANAMPIANA

Hoy ny Baiboly: “Tia amin’ny fotoana rehetra ny tena namana, sady toy ny rahalahy natao hanampy amin’ny fotoam-pahoriana.” (Ohabolana 17:17) Soraty eo ambany ny anaran’ny olona anankiroa azonao angatahina fanampiana raha ilaina.





Hoy ny Baiboly: “Apetraho amin’i Jehovah izay manavesatra anao, fa izy no hanohana anao. Tsy havelany hangozohozo mihitsy ny olo-marina.” (Salamo 55:22) Araka izany, inona no zavatra tena ilainao ka azonao resahina amin’i Jehovah amin’ny vavaka?

_____

_____

_____

_____

Soso-kevitra

Ataovy lisitra ny andinin-teny tena manampy anao. Hoy i Ellen, voaresaka tetsy aloha: “Namaky ny Isaia 46:4 aho, indray mandeha. Hoy ilay izy hoe: ‘Na mandra-pahantitrareo aza, dia tsy miova Aho, ary na mandrapahafotsin’ny volonareo aza dia mbola hanohana anareo foana aho. Hanao zavatra tokoa aho, ka hitondra sy hanohana ary hamonjy anareo.’ Nanampy an’ahy io andininy io hitadidy hoe tsy irery aho, ary tsy irery koa i Neny. Hanampy anay foana mantsy i Jehovah, na inona na inona hitranga.”

www.jw.org © 2016 Watch Tower Bible and Tract Society of Pennsylvania